



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA 01 MEY 2020 – Culte du Vendredi 1 er Mai 2020
NY FINOANA DIA AVY AMIN'NY TORITENY – AINSI LA FOI VIENT DE LA PREDICATION

(Vakiteny: Romana 10.10-20 – Romains 10.10-20)

Mitarika: Pst Landy Léa RAJOHARISON ANDRIANAVELASOA

Fiarahabana sy Fandraisana – Salutation et Accueil:

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy ; avy amin'i Jesoa Kristy, Vavolombelona marina, sy Lahimatoa amin'ny maty, ary Lehiben'ny mpanjaka amin'ny tany ! (Apokalipsy 1^{4a-5}).

Grâce et paix vous soient données, de la part de celui qui est, q' était et qui vient, et de la part de Jésus-Christ, le témoin fidèle, le premier-né d'entre les morts et le prince des rois de la terre (Apocalypse 1^{4a-5})

Antoko Mpihira - Chorale

Salamo faha-73.23-28 – Psaumes 73.23-28 (iombonana)

23. Nefa izaho dia eo Aminao ihany mandrakariva, mihazona ny tanako havanana lanao.

Pourtant je suis toujours avec toi. Tu m'as saisi la main droite,

24. Ny saina omenao no itarihanao ahy ary rehefa afaka izany dia horaisinao ho amin'ny voninahitra aho.

Tu me conduis selon ton plan et tu me recevras avec les honneurs.

25. Iza no ahy any an-danitra? Ary tsy misy ety ambonin'ny tany iriko tahaka Anao.

Au ciel, qui me viendra en aide, sinon toi? Et ici-bas, que désirer, puisque je suis avec toi ?

26. Na dia levona aza ny nofoko sy ny foko dia mbola vatolampin'ny foko sy anjarako mandrakizay ihany Andriamanitra.

Mon corps peut s'épuiser, mon coeur aussi, mais mon appui, mon bien le plus personnel, c'est toi, Dieu, pour toujours.

27. Fa indro, very izay lavitra Anao; aringanao izay rehetra mijangajanga mahafoy Anao.

Ceux qui s'éloignent de toi succombent, et tu réduis à rien ceux qui t'abandonnent.

28. Fa ny amiko dia ny manakaiky an'Andriamanitra no mahatsara ahy; lanao , RY TOMPO Andriamanitra ô, no nataoko fialofana, mba hitantarako ny asanao rehetra. Amen!

Mais mon bonheur à moi, c'est d'être près de toi. J'ai mis ma confiance en toi, Seigneur, pour proclamer tout ce que tu as fait. Amen !

Fanazavana 1 – Première Méditation

Fisaorana an'Andriamanitra nohon'ny finoana natolony na dia eo aza ny fisalasalana – Remercions Dieu de la foi qu'IL a donné à chacun d'entre nous même si la foi est bousculée.

Hira fanombohana: 499 – Cantique d'ouverture 499

2. Indro, Jesosy no fiainako,
Izy no manda fiarovako;
Izaho efa maty, nefa novelominy indray,
Ka na dia mahantra aza aty,
Ka tsy mbola nafindra ho ary,
Jesosy no anjarako, ka ampy ahy re, izay.
3. O, ry Jesosy Tompo tsara ô!
Aza mamela ny fanahiko
Hisaraka aminao, fa tano aho ho mpanomponao.
Mba velomy ny fitiavako
Ka tohano ny fandehanako,
Mba hanarahako ny lalana izay nalehanao.

Vavaka fisaorana sy fankalazana an'Andriamanitra – Prière de Louange à Dieu (ataon'ny tsirairay)

Vakiteny – Lecture : Rom 10.10-20

10. Fa amin'ny fo no inoana hahazoana fahamarinana ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena.
11. Fa hoy ny Soratra Masina: “*Tsy hitsanga-menatra izay rehetra mino Azy*”.
12. Fa tsy misy hafa na Jiosy na Jentilisa, fa iray ihany ny Tompon'izy rehetra, sady manankarena homena izay rehetra miantso Azy Izy.
13. Satria “*Izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovanjena*”
14. Hataony ahoana moa no fiantso izay tsy ninoany? Hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny? Hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitory?
15. Ary hataony ahoana no fitory raha tsy nirahina? Arak any voasoratra hoe: “*Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly!*”.
16. Nefa tsy izy rehetra no nanaiky ny Filazantsara. Fa hoy Isaïa: “*TOMPO ô, iza no nino izay henony taminay?*”
17. Koa ny finoana dia avy amin'izay henoina, ary izay henoina kosa dia avy amin'ny tenin'i Kristy.
18. Fa hoy aho: Sao tsy nahare izy? Tsia, “*Efa nivoaka ho any amin'ny tany manontolo ny feony ary ny teniny dia hatramin'ny faran'izao rehetra izao*”.
19. Fa hoy aho: Sao tsy nahalala ary ny Isiraely? I Mosesy no voalohany niteny hoe: “*Hampialona anareo an'izay tsy firenena Aho, amin'izay firenena adala no hampahasosorako anareo*”.
20. Fa sahy mihitsy Isaïa ka nilaza hoe: “*Hitan'izay tsy nitady Ahy Aho ary niseho tamin'izay tsy nanontany Ahy.*”

En effet, croire dans son cœur conduit à la justice et confesser de sa bouche conduit au salut.

Car l'Écriture dit : « *Quiconque croit en lui ne sera pas confondu.* »

Ainsi, il n'y a pas de différence entre Juif et Grec : tous ont le même Seigneur, riche envers tous ceux qui l'invoquent.

En effet, quiconque invoquera le nom du Seigneur sera sauvé.

Or, comment l'invoqueraient-ils, sans avoir cru en lui ? Et comment croiraient-ils en lui, sans l'avoir entendu ? Et comment l'entendraient-ils, si personne ne le proclame ?

Et comment le proclamer, sans être envoyé ? Aussi est-il écrit : *«Qu'ils sont beaux les pieds de ceux qui annoncent de bonnes nouvelles ! »*.

Mais tous n'ont pas obéi à l'Evangile. Esaïe dit en effet : *«Seigneur, qui a cru à notre prédication ? »*

Ainsi la foi vient de la prédication et la prédication, c'est l'annonce de la parole du Christ.

Je demande alors : N'auraient-ils pas entendu ? Mais si ! *Par toute la terre a retenti leur voix et jusqu'aux extrémités du monde leurs paroles.*

Je demande alors : Israël n'aurait-il pas compris ? Déjà Moïse dit : *«Je vous rendrai jaloux de ce qui n'est pas une nation ; contre une nation inintelligente j'exciterai votre dépit.»*

Esaïe, lui, va jusqu'à dire : *«J'ai été trouvé par ceux qui ne me cherchaient pas, je me suis révélé à ceux qui ne me demandaient rien.»*

Fanazavana 2 – Deuxième Méditation

Sahy milaza ny finoany ny mpino.

Oser dire sa foi.

Hira 512 – Cantique 512

1. He ! Matoky aho Tompo,
Azoko ny teninao ;
Teny soa mahafaly,
Teny avy aminao.
He ! Matoky aho Tompo,
Azoko ny teninao;
Teny soa mahafaly,
No omena ahy izao.

2. Tahotra amana ahiahy
Dia ariao izao;
Fa nomenao toky aho
Sady to ny teninao.
He! Matoky, sns.

Vavaka fahatokisana - Prière de reconnaissance (ataon'ny tsirairay)

Hira 512 – Cantique 512

3. Izay rehetra fahotana
Entiko hesorinao;
Hianao no mahadio,
Ka diovy aho izao.
He! Matoky,sns

4. Mahasasa, mahadio,
Mahavonjy Hianao,
Ka mandray sy mahatondra
Tsara ho an-tranonao.
He! Matoky, sns.

Fanazavana 3 – Troisième Méditation

Ny finoana dia avy amin'izay henoana, ary izay henoana kosa dia avy amin'ny tenin'i Kristy.

Hira 513 – Cantique 513

1. Jeso Sakaizanay,
Jeso anay ;
Sady tsy nahafoy,
Jeso anay ;
Raha ny olona
Mety mandao anay,
Jeso no tsy mandao,
Jeso anay.
2. Jeso Sakaizanay,
Jeso anay;
Izy no aronay;
Jeso anay;
Reraka izahay,
Noho ny adinay,
Jeso no herinay,
Jeso anay.

Vavaka mangina (fiheverana ny fitsapana entin'ny tsirairay avy, eo anivon'ny ankohonana sy ny fiangonana ary ny firenena rehetra) – **Prière silencieuse** (pour tous les épreuves qu'affrontent chacun d'entre nous, les épreuves au sein de la famille, de l'Eglise et des pays du monde entier).

Fanazavana 4 – Quatrième méditation

Tsy ny rehetra no mihaino ny Tenin'Andriamanitra
La parole de Dieu n'est pas entendue par tous.

Hira FF6 – Cantique Complémentaire 6

1. Ny teninao Jehovah Ray mahery
Izay nomenao ho anay
Dia teny tsara, sady mampahery
Ka mampifaly ny fonay.

Fiv: Ny teninao mofon'aina sakafo tokoa
Ny teninao ranon'aina satria foto-tsoa
Ny teninao no teny tsy mba maty
Maharitra mandrakizay.

2. Soraty re ho velona ao anaty
Hitondra aina vaovao
Hitana ny finoana tsy ho faty
Ka hankato ny didinao.

Fiv: Ny teninao mofon'aina...

Vavaka fangatahana ao anatin'izao fihibohana izao (ho an'ireo marary, ho an'ny mpianatra lavitra raiamandreny, ho an'ireo zokiolona mipetra-drery, ho an'ny tsy manan-kialofana sy ny voafonja, ho an'ireo mpitsako sy ny mpikarika hahitana fanafany manoloana ny valan'aretina, ho an'ny mino rehetra mba hananany fahatokiana hatramin'ny farany sy zotom-po hijoroany vavolombelona manoloana ny

adidy rehetra atrehany eo amin'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina) sady faranana amin'ny Rainay ô!
Izay any an-danitra...

Prière d'Intercession pendant ce confinement (pour les malades, pour les étudiants loin des parents, pour les aînés, pour les sans-abris et les détenus, pour les personnels soignants, pour les chercheurs et pour tous les chrétiens afin qu'ils soient des témoins vivants, vigilants et responsables au sein de leur foyer, de la communauté et de l'environnement) finalisée par le Notre Père...

Hafatra (2 Timoty 4²⁻⁵) sy Tsodrano – Exhortation (2 Timothée 4²⁻⁵) et Bénédiction

Mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mampirisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra.

Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema ;fa hangidihidy sofina izy dia hamory mpampianatra ho azy araka ny filany ;

Ary hampiala ny sofiny amin'ny teny marina tokoa izy ka hivily ho amin'ny anganonangano.

Fa mahonona tena kosa ianao amin'ny zavatra rehetra, miareta fahoriana, ataovy ny asan'ny evanjelista, tanteraho ny fanompoanao.

Proclame la Parole, insiste à temps et à contretemps, reprends, menace, exhorte, toujours avec patience et souci d'enseigner.

Viendra un temps, en effet, où certains ne supporteront plus la saine doctrine, mais, au gré de leurs propres désirs et l'oreille leur démangeant, s'entoureront de quantité de maîtres.

Ils détourneront leurs oreilles de la vérité, vers les fables ils se retourneront.

Mais toi cependant, sois sobre en toutes choses, supporte la souffrance, fais œuvre d'évangéliste, remplis ton ministère.

Hira famaranana 334 – Cantique de clôture 334

1. Sambatra ny sofiko

Fa mandre ny teny
Tenin'i Jesusiko,
Tenim-pamonjeny.
He! Izaho tiany
Mba hiara-dia
Sy hianatra aminy
Ary tsy hania.

2. Sarotra ny lalako

Sady mampanahy,
Nefa ny Mpamonjiko
Mahatoky ahy;
Vetivety foana
Dia ho avy Izy
Amim-boninahitra,
Ka handray ny Azy.

Ho an'Andriamanitra irery ihany anie ny voninahitra!
Mandehana amin'ny finoana sy ny fiadanan'ny Tompo ary ny asa!
Amen!

A Dieu seul soit la gloire!
Allez dans la foi, la paix du Seigneur et œuvrez pour LUI !
Amen !